


IALAHADY FAHA 17 MANDAVANTAONA - A



I JESOA ILAY VATOSOA SAROBIDY

Ry Kristianina havana, ny fivelomantsika ny maha-vavolombelona antsika eo anivon'ny fiaraha monina ka mahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona amin'ireo manodidina antsika dia mitaky safidy matotra ary mitaky fahendrena izay tsy arak'izao tontolo izao fa ilay fahendrena omen'Andriamanitra tsilovin'ny Fanahy masina antsika. Izany ny foto-pampianarana amin'izao

Vakiteny I : Mpanjaka 3,5.7-12.
Tononkira : Salamo 119
Vakiteny II : Rôm. 8,28-30.
Evanjely : Matio 13,44-52.

Alahady faha-17 mandavantaona handalinantsika ny finoantsika izao. Izao zava-misy iainantsika no mampibaribary fa tsy ny lojikan'izao tontolo izao no arahin'izay Krsitianina EOV MISIONERA fa ny lojikan'i Jesoa. Noho izany mitaky safidy matotra. Io no foto-pampianarana amin'izao alahady faha-17 io. Amin'izao

vanim-potoana sarotra izao indrindra no tsy maintsy mipetraka tsara io safidy io. Nahatsapa an'izany ny mpanjaka henontsika tamin'ny vakiteny voalohany androany fa ny faharitan-tsaina sy ny fahendrena tena izy dia tovozina ao amin'Andriamanitra fa tsy eo anivon'ny herin-tsaina na vokatry ny harena fotsiny. Ny tena harena marina dia ny fahendrena izay manampy ny olona hànana ny fivelarana ny maha-olona manontolo sy ny olon-drehetra. Izany indrindra no tantaran'i Salomona zanak'i Davida mpanjaka rentsika tamin'ny vakiteny voalohany. Matetika isika mamerimberina ary tena hain'ireo mpianatra amin'ny sekoly katolika rehetra fa HARENA NY HARENA RAHA MAMOKATRA ARY MAMOKATRA HO AN'NY BE SY NY MARO. Tsy misy harena sarobidy izany raha tsy I Kristy satria izy irery no ahitana ireo fepetra ireo. Sambatra izay nihaona Aminy sy nifanena taminy satria nahita ilay "voahangy sarobidy" izay nokatsahin'I Salomona ary nitalahoany tamin'Andriamanitra. Araky ny fifidianana sy ny fiantsoan'Andriamanitra azy tokoa dia izy no fantantsika fa nitondra ny vahoakan'Andriamanitra. Naniry vahoaka mandroso ary irin'ny firenena manodidina azy izy. Tsapan'i Salomona fa tsy mandeha ho azy izany fa mila ny

fahendren'Andriamanitra ka hoy izy : " *Ary ankehitriny, laveh Andriamanitra ô, efa nampanjaka ny mpanomponao handimby an'i Davida raiko hianao; izaho anefa dia mbola tovolahy tanora kely tsy mahay mitondra tena. Ary ny mpanomponao dia eo afovoan'ny vahoakanao, izay nofidinao, vahoaka be dia be, tsy azo vinavinaina ny habetsahany, tsy tambo isaina, fa maro be loatra. Koa saina mahiratra no omeo ny mpanomponao, hitsarako ny vahoakanao, hanavahako ny soa sy ny ratsy. Fa izo moa no hahay mitsara izao vahoakanao maro be izao!*"

Ry Kristianina havana amin'izao andro iainantsika sy ny zava-misy atrehin'ny firenentsika izao dia aoka isika hivavaka ho an'ireo mpitondra antsika. Enga anie ny mpitondra antsika hahatsapa tahaka an'i Salomona fa mila fiovam-penitra mahery vaika izao andro iainantsika izao ka hangataka amin'Andriamanitra ny fahendrena sy faharitan-tsaina. Mivavahà isika mba hanana an'izany toetra izany ireo mpitondra antsika ary isika tsirairay avy koa hanana ny faharitan-tsaina sy fahendrena.

Mitaky safidy izany rehetra izany satria maro ny fakam-panahy mety hisintona antsika eo amin'ny fiainantsika andavanandro. Araky ny Evanjely izay norenesintsika teo àry, dia aoka tsy maintsy avelantsika sy afointsika na dia izay neverintsika ho tsara aza, raha te-hahazo ny sarobidy, raha te-hahazo ny soa isika. Ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny rakitra nafenina teny an-tsaha tsy hitan'ny olona, ka lasa tamin'ny haravoana izy nivarotra an'izay mety ananany mba ho afaka hividy an'io saha io. Namidiny ny fananany, izany hoe tsy maintsy mahafoy isika na dia ny tsara aza mba hahazoana an'izay voahangy tsara indrindra izay. Araka ny rentsika eto ary mino aho fa tsapantsika : MILA SAFIDY, tsy hoe ratsy ireo hafa fa rehefa nifanena amin'ny tena harena izany hoe hitanao fa hamokatra ary hamokatra ho an'ny be sy ny maro dia avelanao ny sisa ary ataonao izay fomba hahazoana io harena io. Misy manontany inona ny mahasamihafa ny soatoavina tsotra sy soatoavina kristianina. Araka izay voalaza izay soatoavina izy fa tsy tena feno tanteraka fa somambisamby fa I Kristy no mahafeno sy mahatanteraka azy. Araka ny voalazan'I Kristy "tsy tonga mba handrava fa hanatanteraka Izy". Ny fihavavana, ohatra, dia resahintsika matetika ary soritantsika fa anisan'ny soatoavina malagasy. Ao amin'I Jesoa io harena sarobidy ho antsika io no lavorary sy sarobidy. Izany rehetra izany àry no ampianarin'ny Eglisy amintsika amin'izao alahady faha-17 mandavantaona izao. Toetra anankiray tsy maintsy hivelomantsika raha te ho EOV MISIONERA ISIKA HO TABERNAKAL VELONA manorina ETA KA ZARY TARANA MPANORINA.

Ry Kristianina havana, ry tanora zandry malala, mila manao safidy matotra isika raha te-hanorina zavatra sarobidy amin'ny fiainana koa mahaiza àry mifidy ny rakitra tsara, aza misalasala ny mivarotra an'izay sarobidy indrindra amintsika. Izany dia midika hoe fahafoizana ho an'Andriamanitra mba hahazoantsika ilay fahasoavana avy aminy dia ilay rakitra sarobidy. Tsy hoe izay mahafoy tokoa no resy fa indrindra eo anivon'ny fiaraha-monina fa io fahafoizana io no manampy anao hifanojo amin'ny tena harena dia i Kristy ka raha mifanojo sy mihaona amin'i Kristy marina ianao dia hiova ary hampiova ny hafa.

Maro ny fanoharana mikasika ny fanjakan'ny lanitra : " Ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny harato nalatsaka tany anaty ranomasina, ka nanangona izao karazan-kazandrano rehetra izao; rahefa feno izy dia nosarihana ho eny amoron-drano, ka nipetraka ny olona nifantina ny tsara hataony ankarona, fa ny ratsy kosa nariany.

Ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny mpandranto mitady voahangy tsara. Ary nony nahita anankiray be vidy izy, dia lasa nivarotra ny fananany rehetra ka nividy azy"

Izany rehetra izany raha fintinina dia fanoharana ataon'i Jesoa izay hanambara amintsika ny "secret"n'ny fanjakan'Andriamanitra, ny tsiambaratelo ahafahantsika miditra ao anatin'ny fanjakan'Andriamanitra. TSY HO HISY TOKOA NY SAFIDY RAHA TSY MISY FAHAFOIZANA. Tsy afaka misabaka isika raha te hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra. Rehefa "eny" dia "eny" rahefa "tsia" dia "tsia" ny ankoatr'izay dia hevity ny demony. Mampianatra antsika Jesoa mba hazava tsara ny safidy. Aoka ho fantatsika tokoa fa "Niany ny hoavy fa tsy rahampitso" ka arakaraky ny andrafentantsika ny fiainantsika androany no isotroantsika ny soa rehetra amin'ny hoavy. Raha mamboly hazo androany isika dia afaka mialokaloka aminy any aorianfa raha manapotika kosa isika dia fantaro fa potika ny hoavintsika. Aoka ho "génération" mpanorina sy mpanavao isika tanora fa tsy sanatria ho mpandrava.

Afaka hanatanteraka an'izany isika raha manaraka ny fampianarana ataon'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa : "*Fantatsika koa fa ny zavatra rehetra dia entin'Andriamanitra hahasoa izay tia azy, dia ireo efa voantso araka ny fandaharany. Satria izay fantany rahateo no notendreny hitovy endrika amin'ny Zanany koa, mba ho Lahimatoa amin'ny rahalahy maro izy. Ary izay notendreny no nantsoiny koa; izay nantsoiny no nohamarininy koa; izay nohamarininy no nomeny voninahitra koa*"

Raha isika mikolokolo an'ireny talenta omen'Andriamanitra antsika ireny, tsy entintsika hanilikilihana ny hafa fa entina hampivondronana (constructeur, batisseur) dia hanao tetezana isika, hoy ny Papa, izay entin'Andriamanitra hanasoa antsika izany. Enga anie isika tanora jiaby, isika olo araiky jiaby hitovy endrika amin'i Jesoa, amin'izay dia isika no Kristy mpiara-belona eo anivon'ny manodidina antsika ka hitondra ilay harena, voahangy tsara, tahaka ny amin'ny fanoharana henontsika tamin'ny Evanjely dia tsy iza fa i Kristy. Enga anie hazava saina isika, hazava saina ny mpitondra antsika, hitondra an'i Kristy ilay harena ka handroso ao anatin'ny fiadanana isika mianakavy.

Ry Jesoa zokinay ô, enga anie izahay ho vonona hahafoy ny zavatra izay tsy mifanaraka amin'ny sitrakao kanefa mahasarika anay. Aoka izahay ho tahaka an'ilay ao amin'ny evanjely, vonona hahafoy eo am-pitadiavana ny tena vatosoa sarobidyizay tsy iza izany fa lanao Jesoa Kristy ilay hasambarana. Raha manana Anao izahay dia halemy fanahy ka handova ny tany ary indrindra hahay hanasoa ny hafa eo amin'ny mpiara-belona aminay ka izahay tokoa no Kristy mpiara-belona amin'ireo manodidina anay mba hahafantarany fa lanao tokoa no vatosoa sarobidy, lanao no harena sarobidy ka hifidy Anao koa izy ireo. Tsy izahay no nifidy Anao fa lanao no nifidy anay ka ombao ny fahasoavano mandrakariva izahay mba ho mendrika Anao amin'ny fiainanay andavanandro ka ho ZARY EOV MISIONERA TABERNAKALA VELONA MANORINA ETA KA ZARY GENERATION MPANORINA. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson